TOAMASINA

# MPANDRAHARAHA LAVON'NY BALA, LASAN' NY JIOLAHY NY 40 TAPITRISA ARIARY

4


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7470 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 14 janoary 2023


MARINA IZANY !

## DISO... FAHAVALO !

3

Tsaroako ilay...

2

PATRICK ANDRIAMAHEFA



## NIFONA TAMIN'NY FILOHA RATSIRAKA

FIKAMBANANA TESAKA MIRAY

3




# "RAHA TSY MISY FANDRAISANA ANDRAIKITRA, AHIANA NY FIPOAHANA ARA-TSOSIALY"

DORO TANETY

8

## 90 000 ha NY ALA MAY TAMIN'NY 2022

VAKAMIARINA - TAKASY HASY

## HIHAZO AN'I ETAZONIA

2

CHAN 2022 / RADO KELY

2



## NAMONJY NY NAMANY ANY ALZERIA IHANY







**Tsaroako ilay...**

Patrick Andriamahefa (mpanao gazety)

# Nifona tamin'ny Filoha Didier Ratsiraka

*Patrick Andriamahefa. Mpanao gazety nampiana-tena, niditra teo amin'io tontolo io nanomboka ny taona 1991 (niasa tamin'ny radio tsy miankina voalohany Radio Feon'ny vahoaka FM 105). Hofintininy fohy amintsika ny sombim-pahatsiarovana nanamarika azy :*

Tao amin'ny Sœur Trinité Bel'Air Ampandrana no nanombohany niditra ny sekoly. Zavatra roa no nanamarika izany : voalohany : ny firaisany dabilio tamin'ny zanaky ny Filoham-pirenena Didier Ratsiraka hatramin'ny kilasy faha-7, alohan'ny hanalàna CEPE. Faharoa : lozam-pifamoivoizana nanjo azy teny Ampandrana. *« Niampita ny arabe aho ka tsy hitako akory ilay fiara Volkswagen (pickup) teny am-pita. Ny vata-tenako no nandona ilay fiara tamin'izany fa tsy ilay fiara. Tsy nisy fahadisoan'ilay mpamily mahitsy fa izaho no nanao "coup de tête" ilay "ridelle" ilay fiara. Nentin'ilay mpamily tany amin'ny Dokotera ihany aho tamin'izay »*,hoy izy.

Nanamarika azy ny fianarana norantoviny tao amin' ny Pault Minault Androhibe, izay namolavola azy ho tia ny teny malagasy sy ny fitiavan-tanindrazana. *"Impito niova sekoly aho mandra-pahafako ny Baccalauréat. Sahirana mihitsy i Neny nitady sekoly ho ahy satria dia vokatry ny ditra sy fahamafisan-doha ary ny fanaovana "gaffe " madinika tany am-pianarana matetika no nahavoaraoka ahy tamin'ireny sekoly ireny fa tsy noho ny tsy fahaizana loatra"*, hoy izy. Nanamarika ny fiainam-pianarany ihany koa ny nanaovany "Service national " tao amin'ny EP3 (FIGN) Fort Duchesne tamin'ny 1990. Voatendry hampianatra be antitra tany Soavinandriana Itasy. Nianatra tao amin'ny sampana lalana kanjo nipoitra ny raharaha 1991.

Rehefa niforona ny Radio tsy miankina voalohany teto amintsika. *"Nanomboka nifanerasera tamin'ireo tanora mpanao gazety sy mpanentana fandaharana tao ny tenako ka nampianatena izany fanaovan-gazety izany. Nisy avy eo ny fiofanana izay natao niaraka tamin'ireo mpanao gazety vahiny. Nisesy hatrany izany fampiofanana izany ka lasa isan'ireo nanokatra voalohany ireo Radio sy Télévision vitsivitsy ( Radio Mada, Tv Plus...) ny tena. Nisehatra ny asa fanaovan-gazety an-tsoratra toy ny l'Objectif Malaza, l'Express de Madagascar, Ao Raha, Inona ny Vaovao »*, hoy izy. Teo amin'ny lafiny politika, ny taona 1996 no nanomboka niaraka niasa tamin'ny fitondrana Ratsiraka. *« Ny tena tsaroako tamin'izany dia ny fangatahako fifonana tamin'ny Filoha Ratsiraka noho ny nataoko tamin'ny taona 1991, izay niarahako tamin'ny Herivelona Rasalama. Tsy adinoko mihitsy ilay valin-teny fohy nomeny ahy tamin'izany hoe: " Rehefa manomboka hitanao ny lalana tsara dia tohizo...". Nisy ny disadisa 2002. Niasa tamin'ny Radio Télévision Canal 6 tany Toamasina aho. Teo moa dia henjika sy fampahoriana samihafa no nentiko nisedra ny fiandohan'ny fitondran-dRavalomanana. Ny taona 2007 no niantso ahy ny Filoham-pirenena Rajoelina rehefa nividy ny Radio Télévision Ravinala ny tenany. Ny tenako sy Itompokolahy " Kresan" na i "Nala" no isan'ireo voalohany niresaka taminy teny Ambodivona. Nilaza ny tenany fa tsy hanaovana politika ito radio sy télé ito fa entina hanampiana ireo tanora mikarakara hetsika. Rehefa hanomboka hoy izy ny vaovao dia antsoiko ianao hanatevin-daharana. Nanomboka ny 2007 amin' izay ny tsy fifankahazoana teo amin-dRavalomanana sy Rajoelina dia iny niaraha-nahita iny tohiny. Niaraniasa tamin-dRajoelina tao amin'ny Tanànan' Antananarivo ny tenako fony izy lasa Ben'ny Tanàna. Rehefa voaongana i Marc Ravalomanana dia nisahana ny fifandraisana tamin'ny mpanao gazety tamin'ny fitondrana Tetezamita.* **Nangonin'i Fy**

"World Music Trophy 2020"

# Hihazo an'Etazonia i Vakamiarina sy Takasy Hasy

Taorian'ny dingana maro izay tsy maintsy nolalovana. Tarika 2 no voafidy hisolo tena an'i Madagasikara amin'ny dingana famaranana ny World Music Trophy 2020, izay hetsika iraisam-pirenena fanandratana talenta. Ny fifaninanana mozika iraisam-pirenena, noforonina mba hanomezana tanjaka ireo mpankafy mozika na mpihira tsy miankina. Firenena 25 maneran-tany no hifaninana ka i Vakamiarina sy ny tarika Takasy Hasy no hisolontena an'i Madagasikara. Ny taona 2021 no tokony ho natao ny fifaninana iraisam-pirenena mikasika ny "world Music Trophy 2020" saingy noho ny fisian'ny valan'aretina dia amin'ity taona ity vao raikitra. Ny 25 ka hatramin' ny 29 Janoary izao ary no tanterahina any Etazonia ao Las Vegas ny famaranana. Araka ny fanazavan'i Vakamiarina dia faran'ny herinandro ambony iny ry zareo no hihazo an'Etazonia. Samy hanasongadina ny mozika tena Malagasy amin' ny alalan'ny zavamaneno Malagasy ireto mpanakanto hiaro ny voninahim-pirenena ireto. Ho an'i Vakamiarina izay tafaresaka taminay dia ireo hira noforonony manokana mihitsy no entiny ary nambarany fa hizara sy hilalao izany amin'ny alalan'ny gitarany izy amin'io famaranana io. Notsongainy manokana tao anatin'ireo hira maro be noforonony ka anisan'izany ry *"Maintany", "Zao tsy te hody" ary "Milalao"*. Ny Tarika Takasy Hasy dia telo lahy no mandrafitra azy ka i Bosco Rakoto no mpitarika. Mpampiasa zavamenano nentim-paharazana toy ny marovany, kabaosy, valiha ary gitara ny tarika.

**Tiaray Rakoto**

Tsipy kanetibe

# Fanenjehana tsy mitombina no atao amin'ny FSBM, hoy Amir filohany

Nivoaka tamin'ny fahanginany omaly ny mpitantana eo anivon'ny FSBM (Fédération Sport Boules Malagasy). *"Maro loatra ireo fanenjehana atao anay"*, hoy i Amiroudine Andriamilerouvason filohany, ka fotoana hitondrana fanazavana mahakasika izany izao. Voalohany ilay mety fiakarany CODIS, dia tsy nahazo taratasy manambara sazy ho an'ilay mpilalao vahiny Jean Luc Rustici, nandray anjara tamin'ilay hetsika natao tany Nosy be avy amin'ny Fipjp ny FSBM, ankoatra izay, avy nandray anjara tamin' ny fifaninanana tatsy La Réunion ity vahiny ity, saingy mampametra-panontaniana azy ireto hoe maninona no tsy nandefasana taratasy ny federasiona Frantsay. Mialoha iny, hoy i Amir, dia fangatahana ny asa nataonay nandritra ny taom-pilalaovana 2022 no nataon'ny Federasiona Iraisam-pirenena, saingy rehefa nalefa tany dia ity hetsika tany Nosy be ity indray no navaliny. Tafiditra anatin'ny sazy napetrak'izy ireo ny famerana ny tsipy kanetibe tsy afaka hifaninana amin'ny Lalaon'ny Nosy, ary hosazian'izy ireo mihitsy ireo Nosy rahavavy, mandray anjara amin'izany. Mampalahelo ihany, hoy Amir izany, izay mahatsapa fa misy mizana tsindrian'ila ihany ataon'ny fipjp, izay mikasa hanao lalao fifanitsanana ao La Réunion, hiakarana amin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany, ka hifanindry amin'ny JIOI no hanaovana izany. Niverenan'i Amir ny niatombohan'ny fanasaziana an'i Madagasikara, izay hofantrano tany Santa Susanna Barcelone tsy voaloha no antony. Ny Minisitra Hawel no nanefa ny famerenanana izany, hoy ity filohan'ny federasiona ity, izay vola ampaosin'ity Minisitra ny Tanora sy Fanatanjahantena teo aloha, hoy ingahy filohan'ny FSBM izany. Diso ihany koa ny filazana fa nahodin'ny mpitantana ny FSBM ilay vola namerenana ny lany tany Lomé sy Cambodge, izay nohamafisiny fa na ariary tamin'izany aza tsy nokitihan'izy ireo. Toy izany koa ilay vola vidian'ny tapakila avy any amin'ny fitondram-panjakana, tamin'ny fiatrehana ny fiadiana ny tompondaka eran-tany, natao tany Barcelone, izay nivantana avy hatrany tany amin' ny "Agence de voyage". Mahatsapa ihany koa ny FSBM, fa isika samy Malagasy ihany no fototra mahatonga ny olana, izay notsipihany manokana fa i Mahefa sy Éric mipetraka any Frantsa no an'isany, satria taorian'ny nanesorana azy ireto, tsy ho solontenan'ny FSBM any ivelany no nanombohan'ny olana sy sazy isan-karazany, izay nambaran'i Dolys fa tsy mitondra soa ho an'ity taranja ity izany.

**Rabenaivo**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Sarobidy ny fotoana, ka aza avelana himaona.
Araraoty ny minitra, fa tsy antsika ny ampitso.
Araraoty izay azo atao fa mandalo, ange, ianao.»
Ny Vetso (09.11.13)

CHAN 2022

# Namonjy ny namany any Algérie ihany Rado Kely

Nisy vokany ihany ny antsoantsoan'ny mpankafy kitra tamin'ny tambajotran-tserasera ny amin'ny tokony andehanan'i Rado Mbolasoa Andrininosy any Constantin (Algerie), hiatrika ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika 2022 ho an'ny ekipam-pirenena. Fantatra fa ny alin'ny alakamisy izy no nanainga teto an-tanindrazana, namonjy an'ireo namany any an-toerana. Ampatsiahivina fa tsy niaraka tamin'ny Barea de Madagascar A', nisedra lalao fanomanantena tany Tonizia i Rado Kely, fa nanomantena irery teto andrenivohitra, ary avy hatrany dia mamantana any Algerie. Tamin'ny ora farany anefa dia gaga ny mpanara-baovao fa najanona ny lehilahy fa mpilalao 23 ihany no nentina nankany algerie, kanefa mpilalao 24 no voasoratra nampahafantarina ny mpitantana ny "Confédération Africaine de Football". Misy akony tsara eo amin'ny fiarovana ny voninahi-pirenena izao nandehanany izao, satria i Louis Stéphano Randrianisondrotra, mpilalaon'ny DATO FC, mitovy toerana amin'i Rado Kely ao amin'ny vodilaharana havanana, dia voalaza fa marisarisa ao amin'ny foto-peny (adducteur) ka nasaina niala sasatra tsy nahazo nihetsiketsika nandritra ny roa andro. Araka izany dia mampiahiahy ny hilalaovany amin'ny fihaonan'ny Barea de Madagascar sy ny Black Galaxies-n'i Ghana rahampitso alina (10 ora). Voalaza anefa fa efa manao ny tratry ny heriny ny mpitsabo amin'ny hamerenana amin'ny laoniny ny toe-pahasalamany. Ankoatra izany dia fantatra fa nihazo an'i Algerie ihany ny ekipam-pirenen'i Maroc, handray anjara amin'ny fifanintsanana ao anatin'ny vondrona C, miaraka amintsika sy Ghana ary Soudan. Tamin'ny ora farany indray anefa dia voalaza fa tsy tafainga ny fiaramanidina nitondra ny Lion'i Atlas, dia niverina nody any aminy ny delegasionany.

**Fandaharan-dalao**

*Sabotsy 14/01/2023*

4 ora : Ethiopie # Mozambika ; 7 ora : RD Congo # Ouganda ; 10 ora : Côte d'Ivoire # Senegal

*Alahady 15/01/2023*

7 ora : Maroc # Soudan ; 10 ora : Madagasikara # Ghana

**aris rafaly**

Ndao hidera "chorale"

# Efa misokatra ny fisoratana anarana ho an'ny andiany faharoa

Misokatra manomboka anio ny fisoratana anarana ho an'izay te handray anjara amin'ilay fifaninanana Ndao hidera "chorale" izay natokana indrindra ho an'ireo antoko mpihiram-piangonana rehetra tsy ankanavaka. Efa tafiditra amin'ny andiany faharoa izany amin'izao. Toy ny tamin'ny andiany voalohany ihany dia ireo antoko mpihira avy amin'ny fiangonana iray ahitàna olona 20 hatramin'ny 40 eo ary ahitàna ireo feo telo (alto, soprano, ténor) farafahakeliny no asaina handray anjara amin'izany, tokony hanana mpitendry ihany koa. Raha tsiahivina, dia fifaninanan-kira ara-pilazantsara karakarain'ny Sakaiza Mpitory an'i Jesoa (SMJ) natao hanomezana sehatra sy hampivelarana ny talentan'ny tanora krisitianina ity fifaninanana ity. Misy karazany maromaro ny sokajy misy amin'ity fifaninanana ity ary anisan'izany ity natokana ho an'ny "chorale" ity fotsiny. Hampiombonana ireo chorale anivon'ny fiangonana tsirairay avy koa mantsy no tanjona iray amin'izany. Afaka mandray anjara daholo fa tsy misy sokajy taona ny Ndao Hidera Chorales. Hatramin'ny faran'ny volana Janoary (31 Janoary) no afaka misoratra anarana ao amin'ny pejy fesiboky Ndao Hidera officiel izay te handray anjara. Marihana moa fa fikambanana iray miahy ny ankizy anjorombala eny Ambohimanarina ny SMJ. Mankalaza ny faha-10 taonany izy ireo amin'ity taona ity ary dia tafiditra ao anatin'ny fankalazana ity fifaninanana ity.

**Tanya. R**



Fikambanana Tesaka Miray

# "Raha tsy misy fandraisana andraikitra, ahiana ny fipoahana ara-tsosialy"

Manomboka miakatra ny feo ! Tafiditra ao anaty fahasahiranana lalina ny vahoaka ankehitriny. Manaitra ny sain'ny mpitondra manoloana izany ny fikambanana ara-tsosialy misehatra eny ifotony. Naneho hevitra mifandraika amin'izany omaly ny Fikambanana Tesaka Miray. Araka ny fanazavan'Atoa Randrianambinina Ephraïm Filohan'ity fikambanana ity, dia mahamenatra sy efa tafahoatra ny zava-misy iainan' ny mpiray tanindrazana. Namafisiny fa efa azo lazaina fa manao zavatra tsy fanao ny vahoaka, noho ny tsy fisian'ny fandriampahalemana sy ny fidangan'ny vidim-piainana. Eo amin'ny lafiny ara-politika, dia tsy misy azo ianteherana intsony ny eo anivon'ny andrimpanjakana, ka lasa miteraka krizy isan-tsokajiny. Manampy izany hoy izy, tsy mipetraka tsara ny andraikitry ny lalàmpanorenana ka mampihen-danja ny hasin'ny fanjakana. Manoloana itreo rehetra ireo, dia nilaza ny tenany fa « *raha tsy misy ny fandraisana andraikitra, dia ahiana hirongatra ny adilahy politika sy ny fipoahana ara-tsosialy*". Vahaolana narosony ny famonjena faran'izay haingana ny vahoaka sy ny firenena, ary ny fametrahana ny fitsinjaram-pahefana tena izy.

**Tsy manohana kandidà**

Fa ankoatra ny olana ara-tsosialy, nitondran'izy ireo fanazavana ihany koa ny toeran'ny fikambanana manoloana ny rivotra politika izay mafana ankehitriny. Nanamafy ny Filohan'ny Fikambanana Tesaka Miray fa tsy voafaritry ny antoko politika izy ireo, ary tsy manohana kandidà. « *Tsy marina ny filazana fa misy kandidà miara-miasa na nifanaraka taminay. Amin'ny maha fikambanana ara-tsosialy azy, dia misokatra amin'ny rehetra izahay* », hoy izy. Marihina fa niforona tamin' ny taona 2020 ny Fikambanana Tesaka Miray ary tsy manao politika.

**JUDD**

Namaly ny mpanohitra ny governemanta

# "Tsy mieritreritra hanao tetezamita sy hanalava fe-potoam-piasana izahay"

Nanome toky Rtoa Lalatiana Andriatongarivo, mpitondra tenin'ny governemanta, nandritra ny fandaharana tsy ho tompon-trano mihono omaly fa hitazona ny teny nomeny ny eo anivon'ny fitondrana, ny amin'ny tsy maintsy hanaovana ny fifidianana amin'ity taona 2023 ity. "*Vonona hanaja ny lalàna manankery ny fitondram-panjakana ka hisy ny fifidianana amin'ity taona ity. Tsy mieritreritra ny hanao tetezamita sy hanalava ny fe-potoam-piasana hijanonana eo amin'ny fitondrana mihitsy izahay. Efa miroso amin'ny fanomanana izany fifidianana izany isika amin'izao fotoana izao* », hoy ity mpikamban'ny governemanta ity tamin'izany. Namaly ny fianakaviamben'ny mpanohitra araka izany ny governemanta satria, raha tsiahivina dia tsy mitsahatra ny milaza iretsy voalohany fa tsy taitra sy tsy vonona hiroso amin'izany fifidianana izany mihitsy ny mpitondra ankehitriny ary mieritreritra ny hijanona eo amin'ny fitondrana hatrany.

**Mihisatra ny fanomanana**

Mikasika ny resa-bola hanatanterahana ny fifidianana indray, nampahafantatra Rtoa Lalatiana Andriatongarivo fa mbola hojerena manokana ny tetibola omena ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana rehefa mandrafitra ny volavolan-dalàna mikasika ny tetibolam-panjakana asiam-panitsiana manaraka eo ny governemanta. Namafisiny tamin' izany fa tsy manana olana amin'ny lafiny ara-bola mihi-tsy ny fitondram-panjakana amin' izao fotoana izao. Etsy andanin'izany, tsetsa-tsetsa tsy aritra no ilazana fa tsy mbola misy mihitsy anefa hatreto ny antoko hahatanteraka marina izany fifidianana izany satria dia hita ho mbola misafotofoto mba tsy ilazana hoe mihisatra ny fanomanana.

**Mamy R.**

Tetibola hanatanterahana fifidianana

# Mitaky fifampidinihana amin'ny mpitondra ny CENI

Tsy nivilivily ny Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana, Dama Arsène Andrianarisedo omaly raha nilaza fa tsy ampy hikarakaran'izy ireo ny fifidianana tokony hatao eto amin'ny firenena amin'ity taona ity ny tetibola nomen'ny fitondram-panjakana azy ireo. "*Tsy ijanona amin'izao fotsiny izahay fa hitady hevitra sy hifampidinika amin'ireo mpitondra fanjakana. Tsy mahavita ny fifidianana fihodinana voalohany sy fihodinana faharoa mihitsy ny tetibola natokana ho anay ao anatin' ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana (LFI)* », hoy ity laharana voalohany eo anivon'ny CENI ity tamin'izany. Dia ho hita eo ny fanovana ho entin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana amin'ny volana mey ho avy izao. Raha tsiahivina, manodidina ny 68 Miliara Ar ny tetibola hampiasain'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI) voasoratra anatin'ny LFI amin'ity taona ity.

**Fanoratana ireo voafonja**

Manaraka izany, nasian'Ing. Dama Arsène Andrianarisedo resaka ihany koa ny mikasika ny fivoaran'ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana amin'izao fotoana izao. « *Miroso ny asa. Mahatratra 8 600 000 hatreto ny antontanisa tonga eny anivon'ny distrika. Misy ny faritra efa lasa aloha ary misy ireo mbola tara kely. Na izany na tsy izany, mihoatra ny 10 ireo distrika efa manana salanisa maherin'ny 76 isanjato amin'izao fotoana izao* », hoy ny tenany. Momba izay resaka izany hatrany, nampahafantatra ihany koa ny filohan'ny CENI fa mandeha ny fanoratana ireo voafonja mbola tsy namoahana didim-pitsarana anaty lisi-poifidiana amin'izao fotoana izao. "*Efa nidina ifotony tany amin'ny fonjan'i Toamasina izahay* », hoy ny teniny. Marihana fa mbola manana hatramin'ny 31 janoary isika hanoratra ny anarantsika ao anaty lisi-pifidianana koa aza miandry farany!

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Diso.... fahavalo !

**Efa andro vitsivitsy izao, nifamaliana tamin'ny fampahalalam-baovao samihafa Ikongo. Lasa raharahampirenena mihitsy moa ilay izy satria nandraisan'ny fanjakana fepetra. Tsy hiditra amin'ny fifamaliana momba azy io isika satria toa izany indray izao no mahavariana ny maro ary miova tsy toy ny lamba ilay izy ka samy mandrirotra azy amin'izay itiavany azy izay rehetra miteny momba azy io. Na izany amin'ny alalan'ny fampahalalam-baovao na izany any anaty tambajotran-tserasera any. Ny manahirana aza moa toa lasa fahavalo mihitsy ny filazana momba azy io. Eo anatrehan'izany, sao lahy diso... fahavalo isika ka ny faty alevina, araka ny fomba fitenintsika Malagasy, indray no hadino. Tsy inona izany fa ny fahasahiranana sy ny fahantrana mihalalina eto amin'ny firenena. Miteny ho azy ny zava-misy iainana andavanandro na izany an-tanan-dehibe na izany any ambanivohitra sy any amin'ny faritra samihafa. Sahirana ny mponina an-tanan-dehibe, indrindra eto amin'ny renivohitr'i Madagasikara sy ny manodidina, amin'ity fahatapatapahan-jiro lavareny ity izay mamparefo ny fandriampahalemana sy manimba ny fihariana sy ny asa fivelomana. Mahatsiaro ho marefo ny maro eo anatrehan'ny fiakaran'ny vidim-bary hany ka toa tsy fototsakafon'ny Malagasy intsony ilay izy fa izay mahavidy sisa no mihinana azy intelo isan'andro. Manampy trotraka izany ny fahasimban'ny lalana amin'izao fotoam-pahavaratra ka mahatonga ny fiakaran'ny saran-dalana ary miantraika hatrany amin'ny vidin'ny entana ilaina amin'ny fiainana andavanandro. Dia io tsy azo ihodivirana io ihany koa ny rotsak'orana sy ny mety hisian'ny rivodoza ahiana hanimba ny voly raha sanatria tonga eo ny tondradrano. Sao lahy diso fahavalo isika, lany andro mifamaly momba an'Ikongo, ka hanadino ireo aretina mikiky ny firenena mivandravandra amin'izao volana janoary izao ? Raha tsy hoe angaha efa tafiditra sahady ao anatin'ny rivotry ny fifidianana miroso sahady amin'ny... fandresendahatra ! Asa anefa...**

**Herivonjy RAJAONAH**

Antenimieran'ny varotra - Faritra Bongolava

# Tontosa omaly ny famindram-pahefana teo amin'ny filoha vaovao

Tontosa omaly zoma 13 janoary ny famindram-pahefana teo amin'ny filohan'ny Antenimieran'ny varotra teo aloha sy ny filoha vaovao, Atoa Razafiniarivo Dera. Araka ny fanamby napetrany, dia vonona hitondra fampandrosoana ho an'ny faritra ao anatin'izany andraikitra sahaniny izany ny filoha vaovao. Raha tsiahivina moa, dia efa nitantana ny Tranoben'ny Varotra Atoa Razafiniarivo Dera, ary izao miverina mandray ny andraikiny izao indray rehefa lany tamin'ny lisitry ny FIVMPAMA nandritra ny fifidianana farany teo. Antenaina araka izany traikefany izany, fa hitondra fampandrosoana ho an'ny faritra hiadidiany ny lehilahy. Tonga nanome voninahitra ny fotoana omaly ny Governoran'ny faritra Bongolava, ny Jeneraly Joseph Ramiaramanana, nanome tsodrano ny filoha vaovao ary nampanantena fifanomezan-tanana ho an'ireo vonona hitondra fampandrosoana ho an'ny faritra.

**Niry R.**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-7)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-7)

* Mividy lamba, kiraro, poketra, debara, fanaka, frigo, télé. Tél : 033.04.572.23 / 034.43.260.88. (G-BA 441/6-5)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 433/20-10)

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-10)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-7)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-9)

* Cours de coiffure accéléré Isotry Ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-9)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy « Coupe homme ». Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-9)

### SERVICE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plombier, réparation Makiplast. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 442/6-3)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 440/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 440/6-4)

* Manao ny asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 440/6-4)

Ambohimanambola

# Ankizilahy tsy ampy taona tratra namaky trano

Lehilahy mbola tsy ampy taona satria 16 taona no tratran'ny zandary namaky trano teny amin'ny fokontany Morarano eny amin'ny kaominina Ambohimanambola ny alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora antoandro. Nandritra ny fisafoana nataon'ny zandary no nahitan'izy ireo ity ankizilahy izay nitondra gony mampiahiahy. Nanatonan' ireo mpitandro filaminana ralehilahy ary nisy ny fisavana ka nandritra izany no nahitana entana tao anatin' ilay gony toy ny vilany efatra sy kojakojan-dakozia maromaro. Nentina tany amin'ny biraon'ny zandary ilay io ary nandritra ny famotorana natao azy no nahafantarana fa entana halatra ireo tratra tany aminy ireo. Fantatra tamin'izany fa avy nangalarina tany Morarano ireo entana ireo. Roa lahy izy ireo no niaraka namaky trano. Rehefa avy nopitsohin' izy ireo ny varavaran'ilay trano mba ahafahany miditra ary nalainy avokoa izay entana tiany nalaina tao ary lasa ry zalahy nandeha. Heverina ho efa nozarain'izy ireo ny entana halatra azony ka tombanana ho handeha hivarotra izany ity iray ity izao tratra izao. Nanoro ny toerana nahitana ilay namany izy taorian'izay ka voasambotra tany Antanetilava ny lehilahy iray 38 taona. Niaiky ny heloka nataony ry zalahy ireto ary efa naverina tany amin'ny tompony ireo entana tratra ireo taorian' izay.

T.H

Fenoarivo

# 2 lahy mpampiloka sady manararaotra mangarom-paosy

Lehilahy roa no voasambotry ny zandary teny Ambohidrazana kaominina Alakamisy Fenoarivo afakomaly tokony ho tamin'ny 1 ora tolakandro. Nahitana karatra 15 isa sy vola 8500 ariary tany amin-dry zalahy tamin'io fotoana nisamborana azy ireo io. Araka ny fanazavana azo avy amin' ny mpitandro filaminana dia mpampiloka izy ireo sady manararaotra mangarompaosy ihany koa. Izany "mena mahazo" izany no anaran'ny loka ataony. Maro ny olona roboka manao io lalao izay isolokian'izy ireo io. Rehefa mitangorona milalao iny ireo olona ireo dia eo amin'izay fotoana izay ihany koa no manararaotra mangarom-paosy ry zalahy. Efa ataon'izy ireo asa mihitsy io loka *"mena mahazo"* io satria izy ireo ihany no ataony mahazo ilay vola fa tsy izay milalao akory. Efa maro no lasibatra tamin'izany. Raha vao naheno ity trangan-javatra ity ny zandary dia nandeha nidina ifotony teny an-toerana nanao ny fisamborana ka ireo tratra ireo ny roa lahy. Taorian'ny fisamborana dia efa nentina natao andrimaso izy ireo. Tsy vao sambany no nahenoana olona mpampiloka misoloky toy io. Olona maromaro no miaraka miray tsikombakomba manao io asa fisolokiana io. Rehefa misy olona hafa tonga hiloka dia tsy mahazo mihitsy fa ireo mpisoloky izay mody milalao eo ihany no mahazo izay vola mipetraka eo. Dia izay olona tonga eo tsy mahazo avokoa fa ry zalahy mpiray tsikombakomba ihany no ataony mahazo ny vola.

T.H

Mahasolo

# Lehilahy tratra nangalatra gisa, niharan'ny fitsaram-bahoaka

Lehilahy tokony ho 36 taona mipetraka ao Morarivo Kaominina Tampinala distrikan'i Soavinandriana Itasy no tratra nangalatra gisa tao amin'ny tanànan' Ambohimandroso Bemasoandro kaominina Mahasolo.Efa mpanao hala-botry nikoizana ao Mahasolo sy ny manodidina ity jiolahy ity ary nampitaraina ny mponina ao an-toerana. Efa maro araka izany ny fitarainana voarain'ny mpitandro ny filaminana mahakasika azy. Ny alahady 8 janoary lasa teo dia nanao ny asa ratsiny izy ary nangalatra gisa tao amin'ny tokantrano iray. Efa nandrasan'ny fokonolona kendritohina ity lehilahy ity ka tsy afa-nandositra. Niharan'ny hatezeran' ny mponina ity jiolahy ity ka naratra mafy. Nalaky tonga anefa ny mpitandro ny filaminana ka avy hatrany dia nentina tao amin'ny hopitaliben'i Mahasolo izy saingy tsy tana intsony ny ainy.

Rablaise


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


Toamasina

# Mpandraharaha lavon'ny bala, lasan'ny jiolahy ny 40 tapitrisa Ar

Nandriaka indray ny rà tao andrenivohitry Toamasina, omaly tokony tamin'ny 5 ora sy sasany hariva. Mpandraharaha iray no lavon'ny balan'ireo jiolahy ary voaroba ny volabe. Araka ny angom-baovao azonay dia lasan'ireo tsy mataho-tody ny 40 tapitrisa ariary. Tsy vitan'ny nandatsaka aina izy ireo fa mbola nandroba. Ankoatra izay dia lehilahy iray hafa no naratra mafy voatifitra. Telo lahy nirongo basy no nandray anjara tamin'ity asa ratsy ity. Nitondra môtô izy ireo ary rehefa nahazo izay azony izy dia lasa nitsoaka.

**Mandeha ny fikarohana**

Teo akaikin'ny tsena Tanamakoa ity fanafihana mitampiadiana ity. Olona roa no nokendren'ireo jiolahy ka ny anankiray tsy tana ny ainy fa ny iray mbola tsaboina ao amin'ny Hopitaly Be Toamasina. Voalaza fa mpandraharaha mpivarotra sy mpividy jirofo izy ireto. Fantatra ihany koa fa teo am-pandoavana vola izy ireo no notongavan'ny jiolahy raha ny fanazavana. Voatifitra teo amin'ny vavany ilay tovolahy namoy ny ainy io ary zanak'ilay rangahy mpividy jirofo izy. Ilay naratra kosa mpivarotra jirofo avy any Maroantsetra. Ity farany izay voatifitra teo amin'ny lamosiny, saingy mbola avotra ny ainy. Ny polisy no mandray antanana ny tohin'ny fikarohana.

Ariel D.

Ambovombe

# Nisy nikasa hanafika ny mpiasan'ny Telma, voatoraka ny fiara

Tsy mifidy hasian-dratsy intsony ny jiolahy fa na olona hanao soa azy aza tafihiny. Tranga iray tao amin'ny 23 km miala an'Ambovombe Androy, afakomaly. Mpiasan'ny Telma nametraka fotodrafitrasa ho an'ny faritra iny no niharan'ny asa ratsy. Araka ny fanazavana dia voatora-bato ny fiara nitondra azy ireo. Izany hoe avy nanamboatra fotodrafitrasa ireto farany no lasibatra. Tsy fantatra aloha izay jiolahy nahavanona ny loza saingy fantatra fa nikasa handroba ireo olon-tratsy ireo na karazan'ny figafiana tsotra izao ataon'ny tsy mataho-tody. Ny alakamisy tokony tamin'ny 10 ora sy sasany no nisy nitoraka vato ilay fiara tsy mataho-dalana . Olona 5 lahy no tao anatiny ary soa ihany fa afaka nandroso izy ireo.

**Ny "base"**

Avy nihady lavaka hametrahana " fibres " izy ireo tamin'io fotoana io. Rehefa hiala teo anefa no nisy nitoraka. Teo ampiaingana vao namelona ny fiara iny mihitsy no tonga ny mpanao ratsy. Voalaza fa afaka namonjy an'Ambovombe ihany anefa izy ireo , ary tody tamin'ny toerana misy ny "base" na ny fitobian'ireo mpiasan'ny Telma any an-toerana. Raha tsy izany efa natahorana ny mety fandrobana nataon'ireo olon-dratsy ny mpiasa. Vokatr'io toraka io dia vaky ny fitaratra manoloana ny fiara sy ny fitaratra havia. Na izany aza tsy nisy naratra ireo olona tao anaty fiara. Taorian'ity tranga ity dia nihetsika avy hatrany ny zandary avy any Ambovombe izay manao barazy ao Andranovato mba hanao ny fitsirihana sy fikaroham-baovao ary hisambotra izay mety ho nahavanona ny asa ratsy. Mitohy ny fikarohana sy ny fanadihadiana ny raharaha.

Ariel D.

22 697 79 / 033 11697 79

## Manal azy de mimeme




## Sarisary zary tenany

**Nisy nanova**




## Hatsikana an-tsary

**Niova**




## Masoandro Miposaka

**Isaia 44 : 21**

Tsarovy izany, ry Jakoba, dia ianao, ry Isiraely, fa mpanompoko ianao; Noforoniko ianao ka mpanompoko; Tsy hohadinoiko ianao, ry Isiraely ô,

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy


Nil : Tel: 033 07 465 05

## Tari-Dalana




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza atao fihavanam-bato, ka raha tapaka tsy azo atohy, fa ataovy fihavanan-dandy, ka raha madilana, azo tohizana.**

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2851

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 3 | 6 | | 1 | | | |
| 2 | | 6 | | | | | | 3 |
| | 8 | | | | 7 | 1 | 2 | |
| | | | | | 3 | | 4 | |
| | 5 | | 4 | 7 | | | | |
| 4 | | | | 9 | | | 5 | |
| 8 | | 5 | 2 | | | | | 9 |
| 1 | | | | | | | | |
| 3 | | | 7 | | 9 | 4 | 8 | |

Valin'ny laharana 2850

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 7 | 5 | 9 | 6 | 8 | 4 | 1 | 2 |
| 2 | 9 | 1 | 4 | 5 | 3 | 6 | 7 | 8 |
| 4 | 8 | 6 | 1 | 7 | 2 | 9 | 5 | 3 |
| 6 | 1 | 9 | 8 | 4 | 5 | 3 | 2 | 7 |
| 5 | 3 | 7 | 2 | 1 | 6 | 8 | 9 | 4 |
| 8 | 2 | 4 | 7 | 3 | 9 | 1 | 6 | 5 |
| 1 | 6 | 3 | 5 | 2 | 4 | 7 | 8 | 9 |
| 9 | 4 | 2 | 6 | 8 | 7 | 5 | 3 | 1 |
| 7 | 5 | 8 | 3 | 9 | 1 | 2 | 4 | 6 |




FACTO-MADAGASCAR

Ambatovy

Tsenaintsika am-pitsikiana ny taom-baovao !
Mirary fahasalamana sy fiadanana ary fahombiazana
ho antsika rehetra.

+261 32 33 665 65

www.ambatovy.com

GCL 400/2-2

Filohan'ny holafitry ny mpampivelona

# "Tsy mpampivelona ilay nangala-jaza tany Toliara"

Raha nahoraka be ilay fangalaran-jaza vao teraka tamin'ny hopitaly iray tany Toliara dia niroso tamin'ny fanadihadiana ny Holafitry ny mpampivelona eto Madagasikara ka nanao fanambarana ny filohany. *"Manoloana iny olana nitranga tany Toliara iny izay nisy fangalaran-jaza dia manao izao fanambarana izao izahay fa : tsy Rasazy izay tononina any amin'ny haino aman-jery rehetra nanao an'iny fangalaran-jaza iny araka ny fanamarinana nataon'ny holafitra rezionaly izay tonga aty aminay. Mitarika fanalam-baraka ho an'ny corps -n'ny rasazy ireny zavatra nitranga ireny dia miangavy ihany koa mba hamarinina tsara ny vaovao vao avoaka. Satria mpiasan'ny fahasalamana betsaka ka tsara ihany no mamantatra hoe inona marina ny sokajy misy an' ilay olona"*, hoy ny Rasazy Razafindraibe Ranoromalala Oméga, filohan'ny holafitra nasionalin'ny mpampivelona eto Madagasikara. Nohazavain'ity mpitarika ny mpampivelona manerana ny Faritra 23 ity fa *"Ny anay Rasazy dia misoratra ao amin'ny tabilaon'ny holafitra ao avokoa ny olona mahazo manatanteraka asa ary manana ny karatra nomerika izay ahafahana miasa satria ny olona afaka manatanteraka ny asanay dia tsy maintsy manana an'iny karatra iny, satria izany no autorisation ahafahana manatanteraka ny asany. Ny olona tsy manana an' izany dia tsy tokony hiasa satria tsy ara-dalàna kanefa ny asanay dia voafehin'ny lalàna"*, hoy hatrany ity filohan'ny holafitry ny mpampivelona ity. Efa misy ny lamina sy fandaminana ny asa eny anivon'ireny hopitaly sy CBS ireny ka tokony samy hanaja izany ny mpiasan'ny Minisiteran' ny fahasalamam-bahoaka rehetra. Ny an'ny mpampivelona dia mavokely no lokon'ny fanamiana izay anaovany rehefa miasa.

**Heriniaina A.**

Ranon'ny JIRAMA misy lokony

# "Tsy azo sotroina", hoy ny Minisitra Fidiniavo Ravokatra

Miharatsy ny kalitaon'ny ranon'ny JIRAMA tonga any amin'ny mpanjifa. *"Manana laboratoara hitsirihana ny rano zaraina amin'ny mpanjifa ny JIRAMA. Amin'ny ankapobeny, tsy azo alefa any amin'ny mpanjifa ny rano raha tsy mahafeno ny fenitry ny rano fisotro madio. Nisy fiovana ny lokon'ny rano tonga tany amin'ny mpanjifa. Rehefa tapaka ny rano ka mamerina ny famatsiana ny JIRAMA dia mafibe ny tosiky ny rano ary mitondra ireo zavatra maivamivana handalovany mankany amin'ny mpanjifa. Raha ny tena marina dia tsy azo sotroina iny rano iny. Rano fisotro madio fotsifotsy ny kalitaon'ny rano miainga avy any amin'ny JIRAMA, saingy noho ny fantsona sy ny siniben-drano efa tranainy andalovany dia lasa misy lokony toy ny volon-tany no tonga any amin'ny mpanjifa."*, hoy i Fidiniavo Ravokatra, Minisitry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana. Maro ireo mponina teto an-dRenivohitra nitaraina mikasika ny fahalotoan'ny rano mivoaka amin'ny paompindrano ary nametra-panontaniana mihitsy mikasika ny mety ho fiantraika ara-pahasalamana amin'ny fampiasana izany. *"Tsy mampaninona ny manao fitaraina amin'ny tambajotran-tserasera ary tena manampy amin'ny fampahafantarana sy ny fanairana ny JIRAMA izany. Ny zavatra tokony atao raha ho an'ny JIRAMA manokana dia mijery ireo toerana nisy fahatapahan' ny famatsiana. Rehefa miverina kosa ny famatsiana rano dia manentana ny mpanjifa mba tsy hampiasa izany raha tsy miverina amin'ny lokony tena izy."*, hoy hatrany ity minisitra ity. Tsiahivina fa ny fenitry ny OMS (Organisation Mondiale de la Santé) sy ny didy aman-dalàna manan-kery eto Madagasikara no mamaritra ny kalitaon'ny rano fisotro madio ary taratasy avokan'ny minisiteran'ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana miaraka amin'ny minisiteran' ny fahasalamam-bahoaka miampy ny fitsirihana ataon' ny laboratoara no afaka manamarina ny fahadiovan' ny rano fisotro tsinjaraina amin'ny mpanjifa.

**R. Muray**

Ambohimiadana Andramasina

# Niditra an-tsehatra amin'ny fanamboarandalana ny mpitatitra

Anisan'ny làlana mampitaraina olona maro rehefa fotoam-pahavaratra ny mihazo an'Ambohimiadana Andramasina, faritra Analamanga, 72km miala eto Antananarivo. Nanapa-kevitra hiditra an-tsehatra amin'ny fanamboarana ampahandalana ireo mpitatitra ka tafiditra ao anatin'izany ireo koperativa mpitatitra olona sy ireo kamiao mpitatitra vokatra. Araka ny fanazavan'Atoa Ravonjinarivo Thomas, lehiben'ny koperativa mampitohy an'Antananarivo, Ambohimiadana, Antakafantra, Amberobe: *"Nanomboka ny alakamisy ny asa fanamboaran-dalana ary haharitra telo andro. Tapaka fa hisy ny fandraisan'anjaran'ireo fiara mpitatitra izay noferana 40 000 Ar isaky ny taxibrousse ary 60 000Ar ho an'ny kamiao. Natokana ho an'ny gazoala ampandehanana ireo fiara be izay nomen'ny orinasa Henri Fraise sy olon-tsotra izany vola izany. Tanjona ny hahavitan'ny làlana hita fa sarotra aleha eo anelanelan' Ambohimiadana sy Anepoka saingy miankina amin' ny gazoala ihany anefa izany. Misy 50 eo ireo taxibrousse mpitatitra olona any amin'iny faritra iny ary anisan'ny mikaikaika amin' ny haratsian-dalana izy rehetra ireo."*



**Misy ny fiaraha-miasa eo amin'ny mpitatitra ary hiantsoana ny fandraisan'andraikitry ny mponina.**

Toerana anisan'ny mahavokatra legioma sy vary ary mbola betsaka hazo Ambohimiadana. Anisan'ny misitraka izao fanamboarandalana izao ireo fiara be mpitatitra vokatra ka hiantsoana ny fandraisan' andraikitr'ireo tompona kamiao. Iarahan'ny rehetra mahita fa misy ireo kamiao natokana ho an'ny fanamboaran-dalana eo anivon'ny faritra Analamanga. Amin' ireo distrika 13 misy eto amin'ny faritra Analamanga anefa, ny distrikan'Andramasina irery sisa no tsy nampiasa ireo fitaovana ireo satria tsy manana gazoala, izay fepetra tokana hahafahana mampiasa izany napetraky ny faritra.

**Nath**

Doro tanety

# 90 000 Ha ny ala may nandritra ny 2022

Nahatratra 90 000Ha ny ala may teto amintsika teo anelanelan'ny volana janoary hatramin'ny aogositra 2022 hoy ny WWF. Betsaka kokoa ny velaran-tany potika sy very raha oharina amin'ny fanajariana atao. Nisy 73 000Ha kosa ny velaran-tany voavoly hazo araka ny tatitra navoakan'ny minisiteran'ny tontolo iainana sy fampandrosoana lovain-jafy tamin'ny 2022. Iaraha-mahalala ny voka-dratsy ateraky ny fahapotehan'ny ala, indrindra ny lafiny fahasalamana izay mihamarefo. Ankoatran'ny fiovaovan'ny toetr'andro, anisan'ny manafaingana ny fahapotehan'ny zavaboahary, fiakaran'ny mari-pana ny fandringanana ny ala. Ny mponina ihany no mitondra faisana voalohany sy mijinja ny vokatry ny nataony. Hanomboka tsy ho ela ny taom-pambolen-kazo izay atao any Seranandavitra, kaominina Ambanivohitr'Ilaka Est distrikan'i Vatomandry ary hiparitaka avy hatrany manerana ny faritra 22 aorian'izay. Ny fiaraha-mientan'ny rehetra mihitsy no tokony hatao raha tiana ny hanamaitso indray an'i Madagasikara ary anisan'ny dingana amin'izany ny fizarana zanakazo maimaimpoana sy ny fanaraha-maso ireo zanakazo ireo mba haniry tsara.

**Nath**

Mpiasa nanampy teny amin'ny CTC 19

# Nanao hetsika fanairana teny Anosy, tsy tanteraka ny fampanantenana azy ireo

Nanao hetsika fanairana teny Anosy ireo mpiasa 732 nanampy teny amin'ny CTC 19 teto Antananarivo izay niasa an-tsitra-po nandritra ny Covid-19 teto amintsika ireny. *"Nampanantena Atoa Filoha Andry Nirina Rajoelina tamin'ny 3 mey 2021 fa hoe ho raisina ho mpiasam-panjakana raikitra izahay rehetra ireo. Tamin'ny 30 jona 2022 ny Minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka nampanao dosie anay hoe misy sivana ny handraisana anay ho mpiasam-panjakana. Tamin'izany anefa izay nanatitra dosie tsy nisy nahazo referansa na ny iray aza fa izay tena antony tsy fantatray. Taorian'izany dia tsy nitsahatra nanontanitany izahay ary nandefa solontena hatrany fa raha nisy ireo voaray dia valin-teny avy any dia tsy laharampahamehana ianareo. Efa ho roa taona izay"*, hoy ny solonetan'ireo mpiasa izay nanao an'ity hetsika teny Anosy ity. Tetsy ankilany raha ny fanazavana nomen'ny Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka dia efa mandeha ny dingana fangatahana handraisana ho mpiasam-panjakana azy ireo ho mpiasam-panjakana amin'izao saingy tsy maintsy mbola mandalo Minisitera maromaro ary efa an-dalana ny fikarakarana ny antontantaratasy rehetra. Fantatra fa efa 27 aprily 2022 no nivoaka tamin'ny filankevitry ny Minisitry ny tetibola tokony handraisana azy ireo ho mpiasam-panjakana saingy rehefa nanantona ny Minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka dia nolazaina fa tsy izy ireo aloha no laharam-pahamehana amin'izany. Ahitana mpitsabo, mpitsabo mpanampy ary mpandraharaha eo anivon'ny fahasalamana ireto niaranao hetsika ireto.

**Heriniaina A.**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 884 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

### Liqueur au citron

**Zavatra ilaina :** voasarimakirana 6 lehibe, alcool 1 litatra, siramamy 600g, rano 1 litatra.

**Fikarakarana azy :** Voasana manify ny voasarimakirana, tsy asiana ilay hodiny fotsy iny. Atao anaty bocal dia arotsaka ny alkaola. Avela hilona fito andro eo. Manao sirop ka maka rano 1 litatra dia asiana siramamy 600g. Aroharoina tsara ka rehefa levona dia ampangotrahina ary avela hangatsiaka. Rehefa tapitra ny fito andro dia tantavanina hiala ny hodin'ny voasary makirana. Alefa ao ny sirop mangatsiaka. Atao anaty tavoahangy avy eo ary ampirimina tsara. Afaka maka isaky ny hihinana. Tsara kokoa raha milona iray volana eo vao sotroina.